Laharana faha 102 Alahady 3 oktobra 2010

Ny Gazety Paris

EGLISE PROTESTANTE MALGACHE EN FRANCE- PAROISSE DE PARIS

Editorial

" ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra."

(Kol 3:3)

Dr. Péri RASOLONDRAIBE
Filoham-boninahitry ny FPMA

Famoronam-baovao no resahin'ny Apostoly Paoly; dia famoronana nampisian'ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty. Niara-natsangana tamin'i Kristy ho ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ny mino, saingy mbola miafina ao amin'i Kristy ny fiainany, ka iainany amin'ny finoana fa tsy amin'ny fahitana. Izany fiainana santatra izany anefa dia efa manana ny herin'ny Fanahy hanatanteraka ny fahafatesan'ny nofo sy ny filàny rehetra; nefa koa haneho ho hitan'ny rehetra ny fiainan'i Kristy, toy ny fitafiana soa sarobidy itafian'ny mino (Kol 3: 5- 15). Harem-pampianarana no lazain'i Paoly eto: ***ny fiainan'ny mino dia miafina ao amin'i Kristy; fa Kristy kosa dia miseho amin'ny fiainan'ny mino.***

1."Raha ao aminao Kristy dia tsy ho hainao ny hanafina Azy", hoy ny kristiana any Brézil. Manondro an'i Kristy ny fiainan'ny mino, indrindra ny asa ataony. Tsara ny isaintsainantsika izany amin'izao fotoan'ny Vokadehiben'ny Fiangonana atrehintsika izao. Misy karazany roa, araka ny Testamenta Vaovao (teny grika) ny asa iantsoan'Andriamanitra ny mino, ka anehoany an'i Kristy: (1) ny **asa tsara** (bonnes oeuvres) izay ataon'ny mino amin'ny fiainany andavanandro, araka izay niantsoan'Andriamanitra azy, ka anehoany ny hatsaran' Andriamanitra eo anivon'izao tontolo izao, araka ny Efes 2: 10 hoe: "fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara"; sy ny **asa soa** (belles oeuvres) izay ataon'ny mino ao amin'ny Fiangonana sy amin'ny anaran'ny Fiangonana, araka ny tenin'ny Tompo hoe: "Aoka hazava eo iamason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo izay any an-danitra" (Mt 5: 16). Lazaina ho asa **famininaniana** (diaconia prophétique) izany asa soa izany, satria asa mivaingana voakendry sy mihatra amin'ny fiainan'ny olona, toy ny fiantrana, fanasitranana, fanafahana, fanabeazana, fampandrosoana.

Samy iantsoan'ny Tompo ny mino avokoa ireo, ary ny Fanahy Masina no mitarika azy hanatanteraka izany. Fiainan'ny mino ny asa tsara, anehoany ny maha-zanak'Andriamanaitra azy, ary fiainan'ny fiangonana ny asa soa anehoany ny tanam-pahasoavan'ny Tompony mamelona, manasitrana, manafaka, mandrapisehony. Tsy fanantenana poak'aty izany fa herin'Andriamanitra ao aminao.

Koa sahia maminany amin'ny firosoanao mavitrika amin'izao asa soa ataon'ny Fiangonana izao!

Manompo amin'ny fanetren-tena

Lio 17, 1-10

5 Ary hoy ny Apostoly tamin'ny Tompo: Ampitomboy ny finoanay.
6 Fa hoy ny Tompo: Raha manana finoana na dia hoatra ny voan-tsinapy iray aza hianareo, dia azonareo lazaina amin'io vorihazo io hoe: Miongota, ary aoka hambolena ao anatin'ny ranomasina, dia hanaiky anareo izy.

Ampitomboy ny finoanay.

Faly miarahaba antsika amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Izao teny ao amin'ny Filazantsara nosoratan'i Lio 17, 1-10. Mizara telo mazava tsara ny teny:

Ny fizarana voalohany (and 1-4), miresaka ny famelan-keloka: "Mitandrema hianareo; fa raha manota ny rahalahinao, dia teneno mafy izy, ka raha mibebaka izy, dia mamelà ny helony.4 Ary raha manota aminao impito indray andro izy, ary mivalo aminao impito kosa manao hoe: Mibebaka aho, dia mamelà ny helony". ▸▸PEJY 3

SYNODA LEHIBE-N'NY FPMA
30-31 Okotobra & 1 Novambra 2010
Le Rocheton

Resadresaka nifanaovana tamin'ny Filoha Synodaly Dr Jean RAVALITERA

Pejy 2

Teny fiainana

" Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izao no asan'Andriamanitra, dia ny hinoanareo Izay nirahiny" Jao 6:29

SYNODA LEHIBE-N'NY FPMA ny 30-31 Okotobra ary ny 1 Novambra 2010 Le Rocheton

Araka ny hafatra nataon'ny Filoha Synodaly,Dr Jean RAVALITERA, tamin'ny famangiany teto amin'ny tafo Paris ny Alahady 12 septambra lasa teo, dia nangataka izy ny hitondrantsika rehetra amim-bavaka ny Synoda lehibe hatao amin'ity taona ity. Ary dia efa nanomboka nanantanteraka izany isika teto amin'ny FPMA Paris. Isika rahateo ato amin'ny Fafan moa no mandray izany Synoda lehibe izany.

Nanatona azy izahay taorian'izay niangavy azy mba hanomezany fanazavana bebe kokoa momba ny Synoda. Indro atolotra anareo ny resaka nifanaovanay tamin'izany. F (fanontaniana) - PS (ny Filoha Synodaly)

F: ***Misaotra anao nanaiky nandray anay Pasitera. Araka ny hafatra nataonao dia hanao Synoda isika amin'ity taona ity. Mba azonao hazavaina bebe kokoa aminay ve,na dia efa fandre sy fantatra ihany aza, hoe inona moa izany Synoda izany?***

PS: Ara-bakiteny, ny dikan'ny hoe Synoda araka ny fiforonan-teny dia "miara-dalana" na "mitovy lalana" (gr.sun=mitovy,odos=lalana). Tsy mitovy ny fampiasan'ny Fiangonana kristiana ny hoe Synoda, araka ny Rafitra fitondrana eo aminy. Amin'ireo Fiangonana manana Rafitra Episkopaly, ny Synoda dia fihaonan'ny Eveka mifanakalo hevitra sy miara-mandinika ny raharaham-pitondrana na foto-pinoana; amintsika ao anatin'ny Rafitra Presbyteriana Synodaly kosa, ny Synoda dia Fivoriambe ataon'ny Mpitarika isan'ambaratonga eo amin'ny Fiangonana mba hiara-mandinika sy hanapa-kevitra momba izay rehetra tokony hampiharina eo amin'ny fitondrana ny Fiangonana. Amintsika ao anatin'izany Rafitra Presbyteriana izany àry, ny Synoda no fahefana fara-tampony manapa-kevitra (la plus haute instance déliberative, hoy ny teny frantsay). Fantantsika fa amintsika FPMA, eo amin'ny tafo, ny fahefana fara-tampony manapa-kevitra dia ny Fivoriamben'ny mpandray; eo amin'ny Faritany dia ny Synodam-paritany, ary eo amin'ny sehatra nasionaly dia ny Synoda Lehibe. Ny fivoriamben'ny Mpandray dia isam-bolana eo amin'ny tafo; ny Synodam-paritany dia isan-taona (na isaky ny roa taona), ary ny Synoda Lehibe kosa dia isaky ny roa taona. Eny anelanelan'ny Fivoriambe isan'ambaratonga dia misy ny Komity mpanapa-kevitra (Komitin'ny tafo, Komitim-paritany, ary Komity Maharitra).

F: Azonao lazaina ve, PS, rahoviana io Synoda Lehibe io ? Aiza no hatao ary iza no hanatrika ao ?

PS: Hatao any Le Rocheton etsy La Rochette (akaikin'i Melun) ny 30-31 oktobra ary ny 01 novambra 2010 ho avy izao ny Synoda Lehibe. Io no Synoda Lehibe faha-33 amintsika FPMA (ny voalohany dia tamin'ny taona 1959 tany Villeméjane, ary tsy isaina amin'izany ny tsy ara-potoana toy izay vao natao tamin'ny herintaona tao Kremlin-Bicêtre). Ny manatrika ny Synoda dia ny Mpitandrina rehetra ato amin'ny FPMA, ny Filohan'ny tafo rehetra, ny Filohan'ny Sampana iraisana rehetra, ny Filohan'ny Sampan'asa iraisana rehetra, ny Filohan'ny Faritany rehetra, ny Birao Foibe : ireo no mahazo mifidy manapa-kevitra. Fa manatrika ny Synoda ihany koa, ary mandray anjara feno fa tsy mifidy kosa ny Filohan'ny Vaomiera nasionaly rehetra, ny Mpandini-bola nasionaly, ary solontena asaina manokana. Ny Faritany Afovoany Andrefana no mampiantrano ny Synoda Lehibe amin'ity.

F: Misaotra anao,PS, amin'izay fanazavana izay. Fa mba azonao lazaina ve inona no hodinihina sy hotapahina amin'izao Synoda Lehibe fanah-33 izao ?

PS: Ny tanisa dinika amin'ny Synoda sy ny ho Mpitarika izany Synoda izany dia vao avy notapahin'ny Komity Maharitra nivory tamin'ny 26 septambra lasa teo. Mbola aroso hotapahin'ny Synoda Lehibe eo am-panombohana aloha ireo vao hampiharina, koa tsy azoko omena anareo amin'ny antsimpirihany. Ny efa azoko lazaina kosa ireto : Ny teny faneva dia nalaina ao amin'ny Jaona 15/4 :**"Tomoera amiko ary Izaho aminareo"**. ***Hanana anjara toerana lehibe koa amin'izao Synoda izao ny fiainam-panahy sy fiaraha-mandinika Soratra Masina.***

F:Misy hafatra tianao ampitaina ve, PS, ho an'ny mpamaky ity Gazety ity ?

PS: Mbola hisy ny Hafatra Pastoraly alefako ho antsika FPMA rehetra mialoha ny Synoda Lehibe. Fa mbola hamafisiko ny fangatahana antsika vahoaka kristiana rehetra ato anatin'ny FPMA mba hitolona amim-bavaka sy hangataka mafy amin'Andriamanitra mba hizoran'izao Synoda izao hifanaraka tokoa amin'ny sitrapon'Andriamanitra ary hanehoana ny voninahiny. Fakam-panahy foana manko ny fampifangaroana eo amin'ny olona sasany ny atao hoe Synoda (efa nohazavaiko tetsy aloha) sy ny Forum (fihaonana iadian-kevitra, ary fakanteny niavian'ny teny frantsay hoe Foire). Zava-dehibe ny tokony hahatsiarovan'ny tsirairay amintsika fa an'Andriamanitra ny Fiangonana ary mpiara-miasa amin'Andriamanitra isika. Indramiko eto am-pamaranana izao dinika izao, ny tenin'Andriamanitra arakany nampilazainy ny apostoly Paoly ao amin'ny I Korintiana 14/12 hoe : "***ary toy izany koa ianareo: raha fatra-paniry ny zava-panahy, dia izay hampandroso ny fiangonana no tadiavo indrindra***."

F: Misaotra, Andriamatoa Filoha!

Marika lehibe mampiseho fa mpiara-miasa ao amin'ny Tompo Jesosy isika tamin'ny fanatrehana ny voka-dehibe ny fiangonana amin'ny alalan'ny fanolorana ny valopim-bokatra.

Misy fiantraikany lehibe eo anivon'ny fiangonana izany satria mahasahina farafahakeliny ny 30% -ny enti-manana eo amin'ny fampandehanana ny asa fitoriana ny filazantsara.

Ny fotoam-bokatra toy izao koa dia fanavaozantsika am-pahibemaso ny fanolorantenantsika eo amin'ny asa izay napetrak'i Jesosy izay efa nekentsika ho Tompo sy Mpamonjy, ka ny fo sy ny tenantsika manotolo koa no fanatitra velona, masina hatolotra ho an'Andriamanitra, (Rom 12:1), ary mitaky fiainana vita fihavanana aminy sy ireo akaiky ary ny mpiara-monina manodidina antsika izany.

Araka ny fitiavana sy ny fankantoavana ny tenin'Andriamanitra no nitarika antsika nananteraka izany, satria ampahiny amin'izay nanambinany antsika no nentintsika nanolotra izany teo amin'ny alitara masina.

Dia misaotra sy mankasitraka feno antsika rehetra amin'ny fanekentsika ho tena Mpiara-miasa amin'I Jesosy Tompo Lohan'ny Fiangonana , ary Izy anie handrotsaka ny fahasoavany manana ny ampy ho antsika tsirairay !

Dia ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra tamin'izay rehetra vita amin'izao andro fananteram-bokatra izao ary ny fiadanany hitoetra amintsika mandrakariva.

Roland RATIARISON
Filohan'ny Tafo FPMA Paris

Manompo amin'ny fanetren-tena

Ny fizarana fahatelo kosa (and 7-10) dia miresaka fanompoana: "Moa misaotra izany mpanompo izany va izy, satria nataony izay nandidiany? Dia tahaka izany koa hianareo, rehefa vitanareo izay rehetra nandidiana anareo, dia ataovy hoe: Mpanompo tsy mahasoa izahay; ny tokony ho nataonay ihany no efa nataonay".

Eo anelanelan'izy ireo ity and 5-6 izay milaza ny vavaka nataon'ny Mpianatra mangataka ny hampitomboina ny finoan'izy ireo. Ny valin-tenin'ny Tompo dia milaza fa na dia kely ohatran'ny voan-tsinapy aza ny finoana dia afaka mahavita zavatra lehibe izay tsy azon'ny saina eritreretina: Manongotra hazobe tsara fototra ka mamboly izany any anaty ranomasina.

Tsy misy izay tsy hain'Andriamanitra

Ahoana no azo hanazavana izany? Hoy Jesosy indray andro: "Moramora kokoa ny hidiran'ny rameva amin'ny vodi-fanjaitra noho ny hidiran'ny manan-karena amin'ny fanjakan'Andriamanitra.". Taitra ireto Mpianatra raha nahare izany ka hoy izy ireo "iza indray no azo hovonjena?". Hoy Jesosy "Tsy misy izay tsy hain'Andriamanitra". Noho izany ny finoana dia fidirana eo amin'ny saha na sehitr'Andriamanitra. Izy no manao izay tsy hain'ny mino atao. Ny halehiben'ny herin'Andriamanitra dia tsy miankina amin'ny hakely na haben'ny finoako. Andriamanitra Ray tsy toa Mpanao ny lanitra ny tany mandrakariva Izy. Izany no ambaran'i Jesosy eto. Tsy hain'ny olona ny manongotra hazobe izany fa hain'Andriamanitra.

Finoana mahery?

Inona no nahatonga ireto Mpianatra ireto nangataka ny ampitomboina ny finoany? Mazava eto ny anton'izany. Eo anatrehan'ny zavatra takian'i Jesosy amin'ny Mipianany dia mahatsiaro izy ireo fa mila finoana bebe kokoa. Tsy inona izany zavatra takian'ny Tompo fa ny famelana ny heloky ny rahalahy: "Raha mifona aminao im-pito ny rahalahinao dia mamela azy".

Tsy mora izany mamela heloka izany fa tena mila finoana sy fitiavana an'Andriamanitra. Satria ady amin'ny tena izany. Raha ny maha olona dia vali-faty no tadiavintsika raha misy manao ratsy antsika.

Noho izany dia mazava koa eto ny hazobe mila hongotana: Ny avonavon'ny fontsika. Tsy misy mahay manafaka izany fa toy ny hazobe tsara fototra sy miorina tsara ny fitoeran'ny avonavona ao am-pontsika. Andriamanitra irery no mahay manongotra izany fa ianao kosa antsoiny hino azy.

Finoana manetry tena

Finoana mahery satria mandresy ny herin'ny ny avonavona ao am-po. Izany avonavona izany koa mantsy no tsy ahaizan'ny olona manetry tena eo amin'ny fanompoana izay atolotry ny Tompo azy. Ka hoy Jesosy amin'ny hoe: "Mpanompo tsy mahasoa izahay; ny tokony ho nataonay ihany no efa nataonay". Olona tena nanao asa be izao lazain'I Jesosy eto izao. Tsy misy ho voninahiny izay rehetra nataony fa ho an'Andriamanitra irery ihany.

Finoana atao inona?

Atao inona àry ireo finoana mahery sy manetri-tena ireo? Itiavana an'Andriamanitra sy itiavana ny namana. Ny fitiavana no ahaizana mamela heloka ny namana sy manompo amin'ny fanetre-tena. Izany fo feno fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana izany no vokatra voalohany tadiavin'ny Tompo amintsika.

Enga anie ka homen'ny Tompo antsika izany.

Pasteur Seth RASOLONDRAIBE

FANDRAISAN'NY MPITANDRINA
Atalata: 9 ora - 12 ora
Alakamisy: 9 ora - 12 ora
Ny andro hafa: RDV
47, Rue de Clichy 75009 Paris

RENTREE DU SAMPANA SEKOLY ALAHADY

Selon la parole de Dieu: ***"Allez, faites de toutes les nations des disciples....et enseignez-leur à observer tout ce que je vous ai prescrit"***. Matthieu 28 :19-20.

Nous rendons grâce au Seigneur qu'il ait un Sampana Sekoly Alahady au sein de notre Eglise. Ce département nous permet d'éduquer nos enfants qui sont l'avenir de notre Eglise selon la parole de Dieu qui dit : «***Instruit l'enfant selon la voie qu'il doit suivre ; Et quand il sera vieux, il ne s'en détournera pas*** ». Prov. 22.6.

Ce qui nous encourage c'est que le nombre des enfants qui viennent à cet enseignement augmente tous les ans ainsi que le nombre de chrétiens qui ont répondu à l'appel du Seigneur pour ce ministère. Il y a environ (170) enfants qui se sont inscrits pour cette année 2010-2011.

Selon la parole de Jésus dans Matthieu 9.37 « ***La moisson est grande, mais il y a peu d'ouvriers*** » et Il rajoute au verset 38 « Priez donc le maître de la moisson d'envoyer des ouvriers dans sa moisson ». Pour ceux ou celles qui sont intéressés par le ministère auprès des enfants, la Ligue pour la Lecture de la Bible donne des cours de Formation aux Ministères parmi les Enfants : informations sur le site www.laligue.net adresse LLB , BP 728 ; 26000 VALENCE tel : 04.75.55.94.97

Le « sekoly alahady » a lieu tous les dimanches matins à 9h30 à l'Eglise de la Rédemption au 16 rue Chauchat 75009 PARIS.

Les répétitions pour la fête de Noël ont débuté le samedi 18 Septembre 2010 de 14h 30 à 16h 30 à l'Eglise de la Rédemption.

C'est aussi la rentrée au STK !

Le STK est la section des jeunes au sein de l'Eglise.
Son objectif est d'apporter une éducation spirituelle aux jeunes, leur permettant de grandir dans la foi en Jésus Christ et d'entretenir cette foi. Le STK aborde donc avec les jeunes des sujets qui les concernent particulièrement suivant les thèmes abordés de façons très diversifiée : Etude biblique, Enseignement, Partage/ Témoignage, Cellule de Prière, etc... Cela peur permet ainsi d'avoir un apport et un soutien spirituels supplémentaires dans les directions à prendre dans leurs vies.

De plus, le STK permet également aux jeunes de s'épanouir grâce à des activités culturelles ou sportives (accrobranche, patinoire, karting, cinéma, visite de musée, etc…), ou aussi des projets menés au sein du groupe (Bibliothèque Chrétienne, Fihirana Online, Spectacle, etc…).

Que d'éléments utiles à l'épanouissement du Jeune Chrétien !
Alors rejoignez-nous en nous rencontrant à l'Eglise ou en nous joignant par :

Mail : stkparis@gmail.com
Tel : 06 28 41 55 36 (Rindra)

FANISAM-BAHOAKA (RECENSEMENT) FPMA PARIS

Toy ny fanaotsika isan-droa taona dia manao ny fanisana ireo mpiangona eto amin'ny FPMA PARIS ny fiangonana amin'izao fotoana izao.
Araka ny efa nambara ombieny teo amin'ny raharaham-piangonana moa, izany no atao dia
⏩voalohany mba hanampy ny tompon'andraikitra eo amin'ny fandaminana ny asa amin'ny lafiny maro (toy ny hetsika ataon'ny fiangonana ohatra….)
⏩ary faharoa dia mba afahana manatanteraka ny fifidianana diakona amin'ny fomba mangarahara,

Koa tsara ho fantatsika noho izany fa izay mameno ny taratasy fanisam-bahoaka no misoratra ao amin'ny bokim-piangonana, koa manentana antsika tsy hanadino ny hamerina izany ny alahady 7 novambra fara-fahatarany.

Ny Tanora Kristiana eto amin'ny Fiangonana dia vonona hanome anao ny andinindiny momba ny famenoana ny taratasy isak'Alahady eo am-piravana.

« Sa louange sera toujours dans ma bouche »

(Psaumes 32 : 1)

La chorale Fiderana est la chorale de l'église de la FPMA Paris. Voilà 30 ans qu'elle véhicule un message de Paix et de Grâce au sein de la FPMA dont la vocation première est de faire de toutes les nations des disciples. Elle s'est mise au service de cette mission, sous l'égide du Saint Esprit.

Elle exécute 2 chants pendant le culte du dimanche : un chant de louange à l'entrée puis un chant portant essentiellement sur l'exhortation à la suite du toriteny.

En outre, l'ouverture vers l'extérieur, amorcée au sein de la FPMA, conduit la chorale à effectuer des déplacements à l'extérieur : rencontres régionales et nationales, diverses invitations sur le thème de l'Evangélisation, … Enfin, une des bases de la vie de Fiderana est la cohésion humaine, spirituelle et vocale, afin que d'un même cœur et d'une même voix, nous puissions manifester la Gloire et la Majesté de notre Seigneur Jésus-Christ pour les siècles des siècles. **Si vous entendez son appel, venez intégrer cette chorale.** ■

SAMPANA VEHIVAVY KRISTIANA

« Aoka ny vehivavy hianatra mangingina ka hanaiky tsara. » ITimoty 2:11
-Ny faha 8,9 sy 10 oktobra 2010 : fihaonambe faha-telo hatao any Montpellier. Loha-hevitra: "NY VEHIVAVY AO AMIN'ANDRIAMANITRA DIA VEHIVAVY VELONA"
-Ny fivoriana dia isaky ny faha efatry ny volana, arahin'ny fampianarana izay entin'ny Ray aman-dreny Mpitandrina
- Ny Sampana vehivavy no miandraikitra ny fandrosoana sakafo maivana ho an'ireo olona vaovao tonga mivahiny na mitoetra eto amin'ny fiangonana.
- Ny fisoratana anarana dia misokatra mandritra ny taona ary hiantsoana ny vehivavy rehetra tsy an-kanavaka. ■

IREO CELLULES DE PRIERE ISAM-PARITRA

ISAKY NY ATALATA

◆ **THIAIS (94) à 20H**
Adiresy : 3bis, Rue Buffon
Tél : 01 48 52 33 38

◆ **CACHAN (94) à 19H30**
Adiresy : 15, Avenue de l'Europe
Tél : 01 47 40 94 97

◆ **LE PERREUX SUR MARNE (94) à 19H**
Adiresy : 44, Rue du Maréchal Joffre
Tél : 01 72 46 29 33

◆ **HERBLAY (95) à 20H**
Adiresy : 50, allée des Bournouviers
Tél : 01 39 31 45 56

◆ **ROMAINVILLE (93) à 20H15**
Adiresy : 10, allée Georges Méliès
Tel: 01 49 91 09 55

◆ **AULNAY SOUS BOIS (93) à 20H**
Adiresy : Rue du Prefet Chaleil
Tél : 01 48 69 96 02

◆ **VILLENOY (77) à 20H**
Adiresy : 2, Rue du Château d'eau
Tél : 01.60.24.34.61

ISAKY NY ALAROBIA

◆ **SAINT DENIS (93) à 17H30**
Adiresy : 14, Rue des Chaumettes
Tél : 01.48.22.91.68

◆ **PARIS 15ÈME à 20H30**
Adiresy : 34, rue du Colonel Pierre Avia
Tél : 01.40.60.94.11